# ASSOMPTION 2022 - TAONA D



## *MASINA NAMPAKARINA VATANA SY FANAHY ANY AN-DANITRA*

Ry Kristianina havana, omaly Alahady, Alahady tsotra faha-20 mandavantaona dia nolazaintsika fa na dia somary manahirana aza ny Tenin'Andriamanitra dia nasongadintsika fa mitaky safidy ny fiainana ary io safidy io no afo, motro mandoro manavaka ny ratsy ka mametraka antsika amin'ny tena lalana. Aoka tsy ho varimbariana tokoa isika fa mila safidy matotra izao fiainana izao fa ady sady dia ny fiainana. Aoka hitodika sy hifikitra mandrakariva amin'i Kristy izay hany harena sarobidy. Miantso antsika sy maniraka antsika koa i Kristy amin'izao vanim-potoana iainantsika izao satria isika no Kristy mpiara-belona, taranaka manorina ny fiainana araky ny sitrak'Andriamanitra fa tsy taranaka mandrava. Izany no ezaka tanterahantsika amin'izao sinaody izao. Ho tody soa aman-tsara isika amin'ny fikarakarantsika ny tranobe iombonana ka afaka hivelona sy hivelatra anatin'ity tranobe ity ary hahita ny tena fampandrosoana marina dia ny fampandrosoana ny maha-olona sy ny olona manontolo.

**Vakiteny I :** Apokalipsa 11,19a.12,1-6a.10ab.
**Tononkira :** Sal. 45,
**Vakiteny II :** 1 Kor, 15,20-26
**Evanjely :** Lk 1,39-56

Androany faha-15 aogositra, ankalazantsika manokana ny Assomption izay fetin'ny Eglizy maromaro eto amin'ny diosezy fa indrindra eto amin'ny Eglizy Iraka Tanambao.

Izao 15 aogositra izao no ankalazantsika ny Nampakarina an'i Masina Maria vatana sy fanahy any an-danitra. Betsaka amintsika ny manontany hoe inona moa no tena dikan'izany ?

Io no ataontsika hoe "dogme", izany hoe Teny Finoana manambara ny votoatim-pinoana ho antsika katolika. Izao no tena azo amaritantsika azy : tsy hoe nitsangana velona tahaka an'i Jesoa i Masina Maria, maty izy fa noho ny asan'ny fahasoavan'Andriamanitra tao amin'i Jesoa nandresy ny fahafetasana dia efa tanteraka ao amin'i Masina Maria izay famonjena rehetra nataon'i Jesoa. Tanteraka tao amin'i Masina Maria izany tamin'i Jesoa nandresy ny fahafatesana niakatra any an-

danitra, ireo famonjena nentin'i Jesoa ireo dia nosantarin'i Masina Maria noho ny fitsimbinan'Andriamanitra. Tsy hoe noho ny fahamendrehany fa noho izy renin'i Jesoa, renin'Andriamanitra dia ilay famonjena nentin'i Jesoa ho antsika olombelona no tanteraka tao amin'i Masina Maria. Io koa no miandry antsika rehefa tanteraka ny zava-drehetra dia isika ampakarina vatana sy fanahy any an-danitra ary miombona ao amin'ny fahamendren'Andriamanitra iombonan'ny olomasina rehetra.

Izay rehetra hiseho amintsika noho ny famonjen'i Kristy dia i Masina Maria no nisantatra azy. Nandray ny Fanahy Masina isika tamin'ny batemy, i Masina Maria no nandray ny Fanahy Masina tamin'izy nandray ny hafatry ny Anjely Gabriely. Toy izany koa ny fijaliana mafy tsy maintsy hatrehina dia voalefona koa ny fon'i Masina Maria araky ny faminanian'i Simeona. Hahazo ny satro-boninahitra any an-danitra isika raha mifikitra amin'i Jesoa ka hitsangan-ko velona vatana sy fanahy ary ampakarina any an-danitra tahaka an'i Masina Maria izay ankalazaintsika androany.

Azo ampifandraisina amin'ny hafatra nataontsika tamin'ny Alahady lasa teo fa ady sy dia ny fiainana. Amin'ny vakiteny voalohany dia tantarain'i Joany ny faminaniana amin'ny ady natrehan'i Masina Maria raha milaza ny momba an'ilay vehivavy voatantara ao izy, ary ny vahoakan'Andriamanitra rehetra koa dia nandresy tamin'ny ady natrehiny tamin'ny dragona dia ny demony. Isika koa raha mifikitra amin'i Jesoa dia mandresy ka ho taranaka manorina, taranaka mampijoro fa sanatria ho taranaka mpandrava na mpanakorontana. Izany no tanteraka tao amin'i Masina Maria ka fanantenana ho antsika ilay ady natrehiny.

Ambaran'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa fa i Kristy no santatra, tanteraka ao Aminy ny famonjena, tanteraka tao amin'i Masina Maria. Izany no manambara amintsika fa ilay fandresen'i Kristy dia ho antsika ihany koa. Izany no votoatim-pinoana ambara amintsika amin'izao fankalazana an'i Masina Maria nampakarina vatana sy fanahy any an-danitra izao.

Ny Evanjely kosa milaza amintsika fa i Masina Maria no manandratra ilay tononkira manambara fa nahavita zava-dehibe taminy tokoa ilay mahefa izany hoe Andriamanitra.

Tsapan'i Masina Maria ny halehiben'ny fahasoavan'Andriamanitra raha izy nandeha namangy an'i Elizabeta rahavaviny ary niara-nientana izy mirahavavy nanambara ny asan'Andriamanitra mampitolagaga izay tsy azo saintsainina. Tanteraka tokoa ny famonjena ary efa misantatra azy i Masina Maria ka isika ihany koa dia hisantatra an'izany amin'ny alalan'izao vavaka sy Eokaristia ankalazaintsika izao.

Averimberintsika matetika ary tena zava-dehibe tokoa fa isika no mitondra an'i Jesoa eo amin'ny mpiara-belona tahaka an'i Masina Maria nitondra an'i Jesoa teo amin'i Elizabeta. Izany no halalinintsika amin'izao Sinaody izao hahatonga antsika ho TABERNAKLA VELONA tahaka an'i Masina Maria. Tsy miafina amintsika fa maro ireo "Elisabeta" miandry famangiana amintsika ka amin'izay hiaraka hankalaza an'Andriamanitra isika. Miandry antsika izy ireo. Mila fandaminana ihany koa anefa izany. Io fandaminana no tsy maintsy jerena amin'ny Sinaody.

Anjarantsika tokoa ny mitondra an'i Jesoa amin'izao andro iainantsika izao mba hahafahantsika rehetra misantatra ny famonjena, manambara ny halehiben'ny fahasoavan'Andriamanitra tahaka ny nataon'i Elizabeta sy Masina Maria. Nentanim-pinoana i Elizabeta ka nilaza tamin'i Masina Maria hoe : "Sambatra ilay nino ka ho tanteraka izay nampilazain'ny Tompo taminy". Nino i Masina Maria ary niombom-boninahitra tamin'ny zanany izy ka nampakarina any an-danitra. Tsapan'i Elizabeta izany fahasoavan-dehibe izany ka nahatonga azy niaraka tamin'i Masina Maria nankalaza an'Andriamanitra. Io no Tononkiran'i Masina Maria izay azo lazaina fa "Torolalana". Isika koa manantena noho ny Fahasoavan'Andriamanitra rehefa vita izao Sinaody izao mba hanana torolalana afahantsika mametraka rafitra hampivelatra ny mahaolona sy olona manontolo. Rafitra tahaka ny voalazan'ny Tononkiran'i Masina Maria handrava ny rafi-pahotana fa hametraka kosa rafi-pivelomana hitondra antsika ho Olo Araiky, ho Fratelli Tutti, fianakaviam-benAndriamanitra.

Enga anie isika hoentanin'ny finoana ampian'ny vavak'Ilay Renintsika ka zary Kristy mpiara-belona amin'olona fa indrindra ianareo tanora izay miomana amin'ny- JMJ. Tsy hadino ianareo zaza, tsaiky izay–ankatoky ny Sinaodinareo ka ianareo tantanan'i Masina Maria Reny ho Misioneran'ireo zaza, tsaiky namanareo izay mbola maro no tsy mahalala an'i Jesoa. Isika rehetra koa mba ho Tabernakla velona tokoa isika Jiaby ka ho taranaka mpanorina. Hanorina ny fiainam-baovao tahaka ny nataon'i Elizabeta sy Masina Maria eo anivon'ny mpiara-belona ka hiaraka hankalaza ny voninahitr'Andriamanitra ary ho sambatra hahita ny fitiavan'Andriamanitra eo anivontsika.

Enga anie i Masina Maria hivavaka ho antsika indrindra ho anareo tsaiky mba ho zandrin'i Jesoa tokoa ianareo ka hamafy famindram-po sy fiadanana amin'ny toerana rehetra misy anareo fa indrindra any amin'ny fianakaviana Eglizy Kely.

Atolotray ao am-ponao koa ry Maria ireo izay hohamasinina amin'ny faran'ny herinandro na ireo izay hohamasinina any Andapa mba ho ianao Ry Maria Renin'ny Pretra hikokololo azy ireo ka hanahaka an'i Jesoa Zanakao izy ireo amin'ny asa fanompoana hanirahana azy ireo ka tsy hikatsaka afa-tsy ny fanjakan'Andriamanitra. Mivavahà koa ho an'ny Pretra rehetra mba hanana fahamasinam-piainana izy ireo ka hametraka an'i Kristy ho ivon'ny fiainany sy eo anivon'ny fiainany.

Ry Jesoa zokinay ô, nandalo tety an-tany i Maria Reninao ary izy no mpiaro voalohany an'ity Madagasikara ity. Fantatrao ny zavatra iainanay sy ny fiainana mianjady amin'ny zaza izay lazaina antoky ny ho avy. Mahalala ny zavatra mitranga amin'ny fiainanay tokoa i Masina Maria Reny na amin'ny fahoriana na amin'ny hafaliana na amin'ny tebiteby sy ahiahy na amin'ny hakiviana, koa ampio àry izahay ry Jesoa Kristy zokinay ô mba hanahaka ny reninao, hahay hitondra anao eo amin'ny mpiara-belona aminay satria izahay izao no Kristy mpiara-belona amin'olona. Enga anie izahay ho tahaka an'ilay reninao nitondra Anao tany amin'i Elizabeta ka niaraka nankalaza an'Andriamanitra izy mirahavavy, dia mba hahay hankalaza anao amin'ny fiainanay manontolo koa anie izahay ka ho sambatra miaraka Aminao any an-danitra, Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson